



N°004 –25 Aprily 2014 - e-mail : mada@atd-quartmonde.org

MATOAN-DAHATSORATRA

Tsy hita pesipesenina ny fiantraikan'ny krizy lavareny ara-pôlitika sy ara-tsôsialy nandritra ny 5 taona maninjitra hatramin'ny 2009 nianjady tamin'ireo fianakaviana tena sahirana. Tsy afa-bela tamin'izany ireo fianakaviana aman-jatony mpikambana ato amin'ny ATD Quart Monde Madagasikara monina eto Antananarivo dia Andramiarana sy Antohomadinika, toy izany koa ny any Toliara sy Mahajanga.

Vao mainka nanampy trotraka ny tsy fanjariana amin'ny lafiny rehetra efa iainana isan'andro ny vesatry ny krizy: toy ny taham-pahafatesana ambony mianjady amin'ny ankizy sy ny antitra, ny tsy fahampian-tsakafo maharitra sy/na ny tsy fahafahana mahazo fitsaboana farany izay kely indrindra ; ny hamaroan'ny ankizy voatery nandao tsy fidiny ny sekoly ary ireo tsy an'asa.

Ireo karazam-pahasahiranana ireo indrindra no nantantana ny ATD Quart Monde hiasa **hiaraka mba hampitraka ny loha**, araka ny voalaza ao amin'ny tatitry ny asa vita 2013 nivoaka vao tsy ela akory¹.

Indreto isika : Fianakaviana mpikatroka, mpirotsaka an-tsitrabo, namana mpiara-dia sy sakaizan'ny Fikambanana ATD Quart Monde, velom-panantenana indray noho ny fiverenan'ny famahoahana "démocratie" eto Madagasikara nolazain'ny Filohan'ny Repoblika vaovao tamin'ny lahateny nataony teo am-pandraisana ny fitondrana. Ny tena horaiketintsika manokana amin'ireny dia ny firosahany amin'ny ady amin'ny fahantrana, amin'ny alalan'ny fiarovana ny tombontsoan'ny rehetra.

Ny dingana hataontsika manaraka dia hampifanarahana amin'ny sehatry ny fame-trahana ny *andrim-pitondrana isian'ny famahoahana* "institutions démocratiques" hapetraky ny Mpitondra vaovao.



Josiane RAVELOARISON Filohan'ny Fikambanana ATD Quart Monde Madagascar

¹Ity tatitry ny asa vita ity dia azo jerena na alaina amin'ity adiresy manaraka ity :

<http://www.atd-quartmonde.org/Rapport-d-activites-2013-ATD-Quart.html>


Ino malaza ao Mahajanga ?

Vao tsy ela akory izao ny namantsika any Mahajanga no tratry ny rivo-doza "Hellen" izay naha-dobo rano ny faritra rehetra nolalovany, indrindra ny teny amin'ny toerana iva. Vokatry izany dia voatery nandao ny tranony sy nipetraka teny amin'ny biraom-pokontany ny namantsika sasantsany ato amin'ny Fikambanana nandritra ny andro vitsivitsy mandra-paharitan'ny rano teny amin'ny toeram-ponenany. Araka ny voalazan'i Masera Henriette, namana mpiara-dia sady mpikambana ao amin'ny Ekipa Mpanentana ao Mahajanga, dia tsy nisy loatra ny fahasimbana, fa afaka namonjy ara-potoana ny entany sy ny

taratasy mombamomba azy ireo fianakaviana ireo.



Ny fiainan'i David no tian'i Toliara hozaraina amintsika eto:



Niditra tao amin'ny Fikambanana ATD Quart Monde ao Toliara izy ny taona 2000. Izy no lehilahy fahefatra niditra tao tamin'izany.

Nampamaky boky an-kalamanjana niaraka tamin'ireo namany tao Ankilivalo Besakoa izy. Nanaitra azy ny fiantsoan'ny ankizy azy hoe : "Oviana isika no hamaky boky Ramose?" Izany no nampirisika azy hanentana ny famakiam-boky. Niandraikitra ny ankizy nanao baolina kitra tao amin'ny Fikambanana koa i David nandritra ny taona 2001-2002.

Intelô izy no nanatrika Fihaonana Nasionalin'ny Fikambanana.

Zanak'olona sahirana ara-pivelomana izy, hany ka tsy mba afaka niaina ohatra ny olona rehetra fa voatery nijanona tsy fidiny tamin'ny fianarana tamin'ny fahazazany.

Maty teo amin'ny faha-48 taonany i David ny Asabotsy 5 Aprily 2014. Mpiandraikitra ny fianakaviana miasa ao amin'ny Tontolo Maitso "EVT" izy no izao nindaosin'ny fahafatesana izao.

Izy dia olon'ny andraikitra, hany ka nirotsaka an-tsehatra foana na teo amin'ny fiarahamonina na teo amin'ny Fianganana.

Kômitin'ny 17 ôktôbra :

Ireto ny anaran'ireo olona mandrafitra ny Kômitin'ny 17 ôktôbra, araka ny efa nampantenaina antsika tao amin'ny Ino Malaza laharana faha-3:

- Jean-Pierre RAKOTONDRABE
- Jean-Claude ANDRIANANDRASANA
- Frédéric RANDRIANANTENAINA (Naina)
- Josiane RAVELOARISON

- Marie Zoé RANDRIANA
- Marcelline RAMANANTSARA
- Amélie KAMONY RAJAONARISON
- Keny RAJAONARISON
- Lamine SARR

Ampahatsiahivina fa izy ireo no hiandraikitra ny fanomanana ny fankalazana ny 17 ôktôbra

amin'ity taona ity sy hiasa ho an'ny fame-
trahana ny takelabaton'ny Fikambanana eto
Madagasikara hanamarihana ny 25 taona
niorenan'ny Fikambanana teto. Noho ny
antony maro samihafa moa dia tsy mbola nisy
ny fivoriana nataon'izy ireo ka tsy mbola misy

sary azo ampiarahina amin'ity gazety ity fa
havoaka eto ihany io amin'ny manaraka. Ary
satria tsy mora ny asa miandry azy ireo dia
mirary soa ho azy isika mba hahatontosany
izany andraikitra goavana hosahaniny izany.

Fiofanana lombonana



Ny 15 Marsa no nifamotoana nanao Fiofanana
lombonana ny mpikambana eto Antananarivo.
Nifototra tamin'ny fametrahana ny anjara
toeran'ny fianakaviana sahirana manoloana ny
firotsahany amin'ny fanoherana ny fahantrana
lalina io fiofanana io. Samy naneho ny heviny
mikasika ny andraikitra raisin'ny fianakaviana
aloha ny sokajy tsirairay. Ny Antso avo ho
amin'ny firaisan-kina nataon'i Mompera Josefa
tamin'ny 1977 izay niantefa tamin'ny
Fianakaviana mpikatroka sy ny solontenan'ny
vahoaka madinika indray no nodiniana rehefa
vita izany.

Taom-baovaon'ny ankizy : "Ny masoandro maty no mampalahelo"

Ny 15 Febroary no nihaona teny amin'ny
tranon'ny Fikambanana teny Ambohibao ny
ankizy TAPORI Antohomadinika sy ny BDR
Andramiarana ho fifampiarahabana tratry ny
taona 2014. Kilalao maro no nataon'izy ireo.
Nampitombo ny fifankatiavany sy ny finamanany
izany. Sambany nampiasa ny tranon'ny
Fikambanana koa izy ireo ka tena faly aoka
izany ary voatandriny ara-dalàna tokoa ny
toerana. Nahatsiaro manokana an'i Mompera
Josefa izy ireo ka namoaka ny fihetseham-pony
tamin'ny alalan'ny hosodoko hitantsika eto an-
kavanana, voaravaka sary fo, mirakitra ny
hetahetany amin'ny tokony hanajana ny Zon'ny
ankizy. Nandeha an'eritreritra tany Centrafrique
koa izy ireo tamin'ny fijerena ny raki-kira avy
any.



RAMANAMIHANTA Chantale : "secrétaire comptable" vaovao

Manomboka izao dia izy indray no misolo an-
dRANAIVOSON Sandisoa izay nametra-
pialana.

Reharehan'ny ray aman-dreny sy ny Fikambanana ny ankizy

Anisan'ny fandavana ny fahantrana lalina sy fampanajana ny zo aman-kasina ihany koa ny fampivelarana ny kolontsaina sy fanehoana talenta toy ny nataon'i Bary, zazalahy TAPORI nipetraka tao Antohomadinika taloha. Ny reniny irery no nitaiza azy. Nisy fifaninanana sary mihetsika atao hoe "**Iray minitra**" namp-naovin'ny UNICEF, efa ho roa taona lasa izao. Nandray anjara tamin'izany izy ary azony ny laharana faha-3 maneran-tany. Ny 26 Febroary 2014 no natolotry ny UNICEF azy ny loka: camera, dictaphone ary sarivongana rajako, misy soratra "**one minute**". Nanatrika ny fanolorana ny loka ny ankizy Tapori.



Faly tokoa i Bary ary nanentana ireo zandry TAPORI ireo izy mba handraisan'izy ireo anjara amin'ny fifaninana toy izany.

Ary ahoana kosa ny an'ny tanora ?

RASOANAIVO Hery Nirina Alain Dominique no



eo an-kavia ary RADONIAINA Hervé kosa no eo an-kavanana. Izy mirahalaha ireto indray izao no manaraka ny sampam-piofanana "plomberie" any amin'ny ASA. Nanomboka ny faramparan'ny volana Febroary 2014 io fiofanana io ary iray taona no faharetany. Marihina moa fa ao anatin'ny andiany fahatelo izy mirahalaha ireto. Mirary fahombiazana ho azy isika fa ireny tanorantsika ireny no reharehantsika sy hoavin'ny Firenentsika.

Geneviève Anthonioz de Gaulle ao Panthéon : reharehan'ny ATD Quart Monde

Vao tsy ela ny Filohan'ny Repoblika frantsay no nilaza fa ny taolambalon'i Geneviève Anthonioz de Gaulle dia hafindra ao Panthéon : toerana voatokana, andevenana ny taolam-balon'ireo olo-malaza maro nahavita zava-dehibe ho an'i Frantsa. Azo lazaina koa hoe fasan'ny Razamben'ny Firenena Frantsay io. Zana-drahalahin'i Général de Gaulle i Geneviève. Voatazona tao amin'ny toby nanagadran'ny Allemagne ireo sambo-belona tamin'ny Ady Lehibe Faharoa izy ary nanangana firaisankina amampihavanana niaraka tamin'ireo vehivavy hafa voatazona tao mba hitandroana ny hasina mahaolona azy ireo, izay notadiavina hoesorina aminy. Nanohina azy mafy ny fahitana ny trano tsizarizary sy ny fepetra tsy mifanaraka amin'ny maha-olona niainan'ireo mponina tao Noisy-le-Grand ny taona 1958 ka namohafaha tao aminy indray ny zava-niainany tany amin'ny tobin'ny

"nazis". Niditra tao amin'ny Fikambanana ATD Quart Monde izy ary lasa Filohan'io Fikambanana io tao Frantsa ny taona 1964-1998. Deraina ny tolona nataony nandritra ny fiainany ary reharehantsika mpikambana izany.

